## Tsy maintsy fantarin’ny olompirenena malagasy tsara ny votoatin’ny A.P.E

fifanarahana ara-toe-karena voasonia niaraka tamin’ny Vondrona Eoropeanina ny 10 jona 2026

## ary toherina ny famatorana an’i Madagasikara amin’ny UPOV.

Taorian’ny nanasoniavan’ny Fanjakàna Malagasy sy ny Vondrona Eoropeanina ny fifanarahana ara-toekarena – A.P.E dia nihaona tamin’ny Ministeran’ny Fambolena ny fikambanan’ny tantsaha sy ny firaisamonimpirenena ny 01 Jolay 2026. Neken’ny tompon’andraikitra àry ny hanome ilay fifanarahana nosoniavina (1). Tsy mbola voaray mandrakandroany, araka izay nifanekena, anefa izy io."

Satria iankinan’ny ain-dehiben’ny fahaleovan-tena sy fiandrianam-pirenena ara-tsakafo ity raharaha mikasika ny fahaleovan-tenan’ny tantsaha mpamokatra hampiasa masomboly ity, dia nahatsapa ireo fikambanan’ny tantsaha sy ny firaisamonim-pirenena fa aleo haroso aingana ny fizaràna ilay resaka amin’ny daholobe miainga amin’izay zavatra fantatra vokatry ny fikarohanan’ireo manam-pahaizana manokana momba izany sy ireo rakitra samihafa misy, fa fenoina, raha toa ka ilaina izany, rehefa tonga eo am-pelatànana ilay fifanarahana voasonia.

**Mampiditra an'i Madagasikara hanaja ireo fitsipika ao amin'ny UPOV ny fanasoniavana ny A.P.E.**

Ny UPOV 91 dia fikambanana iraisam-pirenena miorina ao Genève izay mikendry ny hiaro ny tombontsoan'ireo mpanao sivana (ny indostrian'ny masomboly, izay fehezin'ireo orinasa mpanamboatra fitaovana simika ho an’ny fambolena) amin'ny alàlan'ny fametrahana zon'ny fananana ara-tsaina (droit de propriété intellectuelle) amin'ny karazana zavamaniry. Io zo io dia midika ho monopola, mamela ireo mpisehatra amin’ny indostria hitaky fandoavana vola (royalties) amin'ny fampiasana ny masomboliny. Vokatr'izany, ireo tantsaha mampiasa ireo karazana zavamaniry ireo dia tsy manana fahafahana intsony mamerina sy manamaro, na mifanakalo amin’izy samy tantsaha, na mivarotra amin'ny mpifanolobodirindrina aminy, ny masomboly azo avy amin'ny vokatra novokariny. Ny hetsika rehetra toy izany dia manjary midika ho fandikan-dalàna ary noho izany dia iharan'ny sazy henjana.

Ny rehetra dia afaka mijery ao amin'ny tranonkalan'ny Vondrona Eoropeanina ireo tolo-kevitr’ity rafitra ity momba ny dingana rehetra — izay nahitana fiodinana (rounds) in-16 — tamin'ny fifampiraharahana sy fifanakalozan-kevitra fanomanana momba ny APE.  Araka ny voalazanay tamin'ny fanambarana teo aloha (2), dia nanolo-kevitra ireo nosy efatra ao amin'ny Ranomasimbe Indiana ny Vondrona Eoropeanina  mba hampifanaraka ny fomba fiasany amin'ny fotokevitry ny UPOV 91. Noho izany dia heverinay fa tena azo inoana fa tafiditra ao anatin'ny fifanarahana voasonia ity fehezanteny manaraka ity: "Ny Andaniny tsirairay dia tsy maintsy miaro ny zo

momba ny karazana zavamaniry mifanaraka amin'ny Fifanarahana Iraisam-pirenena momba ny Fiarovana ny Karazana Zavamaniry Vaovao (UPOV), mifanandrify amin’ny fanavaozana natao tao Genève tamin'ny 19 Martsa 1991" (3).

Ny dikan’izany dia tsy maintsy mamoaka lalàna nasionaly miaro ny zon'ireo mpamorona karazana masomboly, mifanaraka amin'ny fepetra voalazan'ny UPOV 91, i Madagasikara **fa tsy voatery hiditra ho mpikambana ao amin'ny Fikambanana UPOV** akory. Tsara ny manamarika fa efa mandray anjara amin'ny maha-mpanara-maso (observateur) ao amin'ny vondrona UPOV i Madagasikara.
Noho ny fiantraikany ratsy dia ratsy mety hoentin'ireo foto-kevitry ny UPOV eo amin'ireo zon'ny tantsaha sy ny zon'ny mponina hisakafo, dia manafatra sy manentana mafy izahay mba **hitarika an'i Madagasikara tsy handany lalàna mifanaraka amin'ny UPOV** ny fanamarihana samihafa hampitain'ireo tompon’andraikitra amin’izany fanaraha-maso izany.

Eo am-piandrasana ny fahazoana ny rakitra manontolo momba ilay fifanarahana nosoniavina tamin'ny 10 Jona 2026, dia tianay ny hanasongadina ireo loza ateraky ny Andininy faha-15.2 ao amin'ny Fifanarahana UPOV.

## Hevitra mifono hafetsena ratsy sy mametra ny zo ny antsoina hoe "tombontsoa manokan'ny mpamboly" (“privilège des agriculteurs”) ao anatin'io UPOV io.

Araka ny efa voalaza, ny UPOV dia mametraka zo hanana fanjakazakana manokana (monopole) eo amin'ny sehatry ny masomboly. Maharitra eo anelanelan'ny 15 sy 25 taona izany zo izany. Mba hahazoana izany fiarovana zo izany, dia tsy maintsy vaovao, mitovy endrika hatrany (homogène) ary tsy miovaova (stable) ilay karazana masomboly resahana. Midika izany fa ireo masomboly avy amin'ny laboratoara (toeram-pikarohana sy famoronana) ihany no mahazo izany fiarovana izany, satria tsy mahafeno ireo fepetra ireo ny karazana masomboly avy amin'ny tantsaha.

Ny zo hanana fanjakazakana manokana (monopole) dia miitatra, ankoatra ny zavatra hafa, amin'ny asa famokarana sy fanamaroana ilay karazana zavamaniry voaaro. Vokatr'izany, ireo tantsaha mividy ireny masomboly arovana ireny dia tsy mahazo mamokatra azy ireo indray avy eo. Na izany aza, ny UPOV dia mamela ireo firenena mpikambana ao aminy hanao fanovàna na handika io zo io amin'ny fomba voafetra, araka ny voalazan'ilay Andininy faha-15 andalana faha-2 izay fanta-daza.

**Inona no voalaza ao amin”ny n'ny Andininy faha-15 andalana faha-2**– "*Tombotsoa manokana ho an'ny mpamboly*"
*« Na eo aza ireo fepetra voalaza ao amin'ny Andininy faha-14, ny Andaniny tsirairay manao fifanarahana dia afaka mametra ny zon'ny mpamorona karazana zavamaniry iray, ao anatin'ny fetra voalanjalanja sady miaro ny tombontsoa ara-dalàn'io mpamorona io, mba hahafahan'ny mpamboly mampiasa ny vokatra azo avy amin'ny fampitomboana na fanamaroana ilay karazana zavamaniry voaaro, ao amin'ny taniny manokana, amin”ny alalan”ny fambolena indray ao, amin'ny taniny manokana ihany, an’ilay vokatra azo […] »*

**Inona no dikan'io fehezanteny io?** Midika izany fa raha mamolavola lalàna mifanaraka amin'ny UPOV 91 ny mpanao lalàna malagasy, dia afaka mandray fanapaha-kevitra hametraka fepetra manokana ahafahan'ny mpamboly mamerina mamokatra sy mampiasa indray ireo masomboly voaaro, saingy tsy maintsy manaja fepetra mazava. Raha jerena ireo firenena nanao izany sy ireo antontan-taratasin'ny UPOV momba izany, dia tsy maintsy ho "voafetra" amin'ny karazana zavamaniry manokana, na amin'ny fetra mahakasika ny habetsahan'ny masomboly, na amin'ny sokajin’na mpamboly sasany ihany io fahafahana manokana io. Na ahoana na ahoana anefa, dia hisy fandoavam-bola izany fa tsy maimaim-poana. Ireo fepetra fiarovana ireo dia natao ‘hiarovana” ny "tombontsoa ara-dalàna" ananan'ireo orinasa mpamokatra masomboly.
Voarara tanteraka kosa foana ny fifanakalozana sy ny fivarotana ireo masomboly ireo eo amin'ny samy tantsaha.

Noho izany, tena voafetra sady tena mifono hafetsena ratsy io antsoina hoe "tombontsoa manokana" io. Satria ny fampitomboana sy ny fifanakalozan'ny tantsaha masomboly no fototry ny famokarana ara-pambolena, fototra ihany koa iorenan'ny fisian'ny fahasamihafan'ny zavamananaina sy zavamaniry eo amin'ny sehatry ny fambolena, sady antoka ho an'ny fahafahana miatrika sy mandresy ireo fanamby eo amin'ny fahampiana ara-tsakafo, Ary Zo izany - fa tsy tombontsoa manokana.

## Fehiny:

- Miantso ireo mpitondra Fanjakana Malagasy izahay, ny Filankevitry ny Minisitra, amin'ny alalan'ny Ministeran'ny Varotra sy ny Ministeran"ny Fambolena, mba hanaparitaka ny rakitra feno momba ny A.P.E. nosoniavina tamin'ny 10 Jona 2026 amin'ny olom-pirenena malagasy rehetra, mba hananan'ny tsirairay fotoana handinihana izany tsara sy fahafahana hahafantatra ary hahazo tsara ny votoatiny sy ny fiantraikany;

- Mifototra amin'ny angona misy sy ny fahalalàna azonay nanomboka tamin'ny volana Jona, dia manentana ireo tompon'andraikitra mandray fanapahan-kevitra amin'ny ambaratonga rehetra izahay - indrindra fa ireo Solombavambahoaka sy ireo mpikambana ao amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana - mba hanao famakafakana lalina ireo andininy samihafa ao amin'ny A.P.E., mba hampazava tanteraka ny fanapaha-kevitra ho raisiny mahakasika ny fankatoavana azy na tsia amin'ny fomba ofisialy. Misy firenena tsy namoaka fankatoavana mihitsy io fifanarahana fiaraha-miasa amin'ny Vondrona Eoropeanina io taorian'ny namakafakany tsara ny votoatiny.

- Izahay, fikambanan'ny tantsaha sy fiarahamonim-pirenena, dia mitaky dien'izao ny hanesorana avy hatrany izay firesahana momba ny UPOV sy izay famerana ny zon'ny tantsaha mpamokatra ao anatin'ireo fifanarahana fiaraha-miasa eo am-panaovana fifampiraharahana na fankatoavana, mba hiarovana sy hiantohana ny fiandrianana ara-tsakafo eto amin"ny firenena malagasy.

"Tsy tokony hisy lalàna na fifanarahana hametra ny zon'ny tantsaha hitahiry, hampitombo, hifanakalo ary hivarotra ny masomboly nentim-paharazana izay novokariny, eto Madagasikara."

29 jolay 2026

**Manasonia :**

- Centre de Recherches et d'Appui pour les Alternatives de Développement – CRAAD-OI
- CNAF – Comité National pour l'Agriculture Familiale
- Collectif pour la défense des terres malgaches – TANY
- FARM – Femme en Action Rurale de Madagascar
- FEKRITAMA – Confédération des Agriculteurs Malgaches
- FVTM – Fivondronan'ny Vehivavy Tantsaha eto Madagasikara
- PLATEFORME REGIONALE SOCIETE CIVILE ALAOTRA MANGORO
- RJDD – Réseau des Jeunes pour le Développement Durable
- Association FAFAMA MORAMANGA
- Observatoire de la Jeunesse
- Organisation Paysanne AKOTRY
- Tantsaha Mivoatsy

**Rakitra nisintonana hevitra :**

(1) https://terresmalgaches.info/collectif-tany-fiandrianana-ara-tsakafo-madagasikara-ape-upov/
(2) https://terresmalgaches.info/collectif-tany-fiandrianana-ara-tsakafo-madagasikara-ape-vondrona-eropeanina/
(3)https://circabc.europa.eu/ui/group/09242a36-a438-40fd-a7af-fe32e36cbd0e/library/21e92e69-ca78-4221-a07e-95cff9b76ce5/details